INONA NO AO AN-TSAINAO?

Tsy nofehezina tany aminy tempoly ny ray aman-dreniko. Midika ve izany fa tsy afaka ny ho ao anatiny fianakaviana mandrakizay iray aho?
— Olona iray manontany tena any Varsovie

## Ry olona iray manontany tena,

Zanaky ny ray aman-dreny any an-danitra ianao. Na dia talohan'ny nahatongavanao teto an-tany aza dia anisan'ny fianakavian'izy ireo ianao. Ary tsy hiova mihitsy izany! Koa na ahoana na ahoana dia ho ao anatina fianakaviana mandrakizay foana ianao!

Tena tia anao sy ny ray aman-dreninao ny Ray any An-danitra. Tiany hiverina any Aminy ianareo rehetra. Hanohy hitahy sy hitari-dalana anao sy ny fianakavianao Izy. Mivavaha Aminy momba ny fanahianao, dia hampionona anao Izy.

Amim-pitiavana,

Ny *Namana*

**Ataovy sary ny olona tsirairay ao amin'ny fianakavianao sy ny zavatra iray tianao momba azy ireo! Tadiavo ilay tsara ao amin'ny fianakavianao. Lazao azy ireo ny zavatra hitanao!**

**Izaho sy ny fianakaviako**

Ny fianakavianao dia mihoatra noho ny hoe ianao sy ny ray aman-dreninao. Ny fianakavianao dia ny raibe sy renibenao, ireo zanaky ny mpiray tampo amin'ny ray aman-dreninao ary izay rehetra tonga teo aloha. Indray andro any ny fianakavianao dia mety hahitana ny vadinao sy ny zanakao. Fianakaviana lehibe iray izany!